



NY FANATAVIZANA KARPA AN-TANIMBARY



**FITAOVANA
ENTI-MAMPIOFANA**



Mis en œuvre par





Ireo Dingam- Pamokarana

Maneho ireo dingam-pamokarana karpa an-tanimbary ity tahirin-kevitra ity sy manampy ireo mpiompy trondro vaovao mba ahazoany vokatra tsara kalitao eo amin'ny isa sy ny havaventin'ny trondro.



0
Ny fiompiana karpa an-tanimbary



1
Fisafidianana tanimbary



2
Fanajariana : tahalaka



3
Fanajariana : tatatra fierena sy karakara



4
Fahavalo



5
Fampidirana zana-trondro



6
Fanamasahana



7
Sakafo



8
Fampikarana ny vokatra sy fitaovana

NY FANATAVIZANA KARPA AN-TANIMBARY



Novokarin'ny tetikasa PADM Sampan'asa A na hoe Tetikasa ho an'ny fampaharetana ny fiompiana anaty rano eto Madagasikara izay miara-miasa amin'ny Ministera misahana ny Fambolena, ny Fiompiana ary ny Jono (MAEP) ity tahirin-kevitra ity.

Mandravona ny haitao teknikina manodidina ny fanatavizana karpa an-tanimbary izy ity. Aza misalasala àry manatona ny APDRA, SRPA, CSA, FIFATA na ireo mpamokatra zana-trondro sy mpanatavy manana ny traikefa izay hanampy anao hafehy miandalana izany.



Fifandraisana

APDRA

Lot 1118 C 25 La Résidence Sociale

Mahazoarivo Nord Antsirabe 110

Tel : 020 44 489 89

www.apdra.org





0. NY FIOMPIANA KARPA AN-TANIMBARY

Ny karpa no karazana trondro ahazoana ny taham-pamokarana an-tanimbary tsara ety afovoan-tany. Kanefa misy koa karazan-trondro hafa azo ompiana an-tanimbary .

Vokatra roa no azo : vary sy trondro

➤ 20-30 kg ny vokatra trondro ho an'ny 10 ara mandritra ny 4-6 volana (vanim-potoana mafana)

➤ 10-20% ny fitombon'ny voka-bary


➤ Kely masonkarena sy mpiasa vitsy no ilainy dia efa ampy hampiakarana ny tombom-barotry ny tanimbary

Fampiarahana ho tombotsoa ifampizarana :

➤ Ny karpa dia mandray anjara amin'ny fahalonahan'ny tanimbary amin'ny alàlan'ny malotony sy ny fanatsingevanany ireo kasinga mahavelona satria ny karpa dia miriaria sy mitady ny sakafony ao amin'ny fanambanin'ny rano

➤ Ny tanimbary dia tontolo manan-karena ara-tsakafy izay ahafahan'ny karpa mihinana lomotra, zava-mananaina tsy hita maso, kankana, olitra bibikely. Miaro ny vary izany amin'ireo bibikely fahavalony.

Ho an'ny 10 ara, raha vary akotry 1kg = 1000Ar, trondro 1kg = 10 000Ar ary zana-trondro 1 = 100Ar :



1. FISAFIDIANANA TANIMBARY

➤ Tanimbary misy rano ampy tsara mandritra ny fotoampiompihana, mitana rano (tanimanga), tsy tratran'ny tondrandrano.

➤ Tanimbary talaky masoandro : manome vahana ny famokarana sakafy voajanahary ary mitombo kokoa ny karpa raha mafana ny rano.

➤ Akaiky tanàna hiarovana amin'ny mpangalatra, manamora ny fanaraha-maso ary ny fikarakarana.



2. FANAJARIANA : TAHALAKA

Mazàna iva sy mora simba ny tahalaka ka rehefa avy be ny orana dia miakatra ny rano ary lasa ny trondro.

Ny fanatevenana sy fampiakarana ny tahalaka dia ahafahana :

➤ Misoroka ny fihoaran'ny rano

➤ Misoroka ny fahavakisan'ny tahalaka

➤ Misoroka ny fahaverezan'ny trondro

➤ Mampiakatra ny haavon'ny rano aorian'ny fijanjana vary : mba hahazo aina tsara ny trondro (miha-malalaka ny toerana iriariavany, afaka mahazo ny maripana mety aminy izy, sakafy). Manasarotra ny fangalarana ihany koa izany.


Ny refy farafahakeliny aroso :


Haavo : 50sm

Tampony : 50sm

Fanambaniny : 80sm

Ny fanajariana rehetra dia atao mandritra ny fiasana ny tany.





3. FANAJARIANA : TATATRA FIERENA SY KARAKARA

4. FAHAVALO

5. FAMPIDIRANA ZANA-TRONDRO

Tatatra fierena :

➤ Mba ahafahan'ny trondro miafina raha misy fahavalo (vorona, sns)

➤ Fieren'ny trondro rehefa miava sy mijinja ny vary

➤ Ahafahan'ny trondro miriaria amin'ny toerana malalaka kokoa

sy misafidy ny maripana mifanaraka amin'izay ilainy


➤ Manamora ny fisamborana ny trondro amin'ny fiotazana

➤ Manasarotra ny fangalarana

Ny refy farafahakely aroso :

Halaliny : 80sm

Halehibeny : 10% n'ny velaran'ny tanimbary




Karakara :

➤ Eo amin'ny fidiran'ny rano : hisakanana ireo trondro hafa sy fahavalo tsy hiditra ao an-tanimbary

➤ Eo amin'ny fivoahan-drano : Mba tsy hahavery ny trondro

Ny fanajariana rehetra dia atao mandritra ny fiasana ny tany.




Fahavalo	Sary	Fiadiana na fanenana azy
Miaina ao anaty rano : fango-rinana, tsiki-direka, ...		Fanamainana ny tanimbary farafahakeliny 3 andro mialohan'ny handrotsahana ny zana-trondro, Fakana (raofina) matetika ireo fahavalo.
Vorona (Vano, ...)		Tata-belona, fandrika (bandy kasety, fatimborona ahantona ao an-tanimbary).
Fibata		Fandrika, haza, karakara.
Fozarana		Blaky basy, haza, karakara, fanamainana.
Mpangalatra na mpisompatra		Lalàna, fitsipi-piarahamonina ifampifehezana, fanajariana (tatatra fierena, tahalaka).

Hakitroka : isan'ny zana-trondro ampidirina ao anaty toerana izay fantatra ny velarany.

➤ Ny hakitroka dia ampifanarahana amin'ny famokarana sakafo voajanahary misy ao an-tanimbary sy ny sakafo fanampiny (fanamasahana, sakafo) izay afaka omena. 10 ka hatramin'ny 40 zana-trondro isaky ny ara.

➤ Mba hamokarana trondro vaventy dia atao vitsy ny isany mba ahafahan'ny trondro rehetra mahazo ny sakafo ampy azy ka hitombo tsara.



Zana-trondro tsy mifanery anaty rano madio

Ny fitaterana : Ny fakana sy fitaterana dia miteraka fikorontanana ho an'ny trondro, mety haratra izy ka hamorona aretina ary hitarika fahafatesana izany andro vitsivitsy aorian'ilay fikorontanana.


➤ Ny fikirakirana trondro dia atao ao anaty rano foana ary tandremana tsara

➤ Solosoloina isan'ora ny rano raha mandeha lavitra

Ny fampidirana zana-trondro dia aorinan'ny fiavana faharoa :

➤ Amin'ny fandrotsahana azy, avelao hizatra elaela amin'ny rano hamindrana azy ny zana-trondro

➤ Ampifangaroana tsikelikely ny rano niondrana ny zana-trondro sy ny rano ao an-tanimbary






6. FANAMASAHANA

Ny fanamasahana dia mampitombo ny sakafo voajanahary ao antanimbary ho an'ny trondro ka ahafahana mamokatra azy bebe kokoa.

Fanamasahana mialohan'ny fiompiana

Ny zezika atao mandritra ny fikarakarana ny tanimbary alohan'ny fanetsana dia ilaina amin'ny voly vary sy ny fiompiana trondro.

Fanamasahana mandritran'ny fiompiana



➤ Ny fijerena ny fivoaran'ny lokon'ny rano (maintso be na kely) dia marika tsara hifehezana ny fahasahany.

➤ 6kg na 1 siô isaky ny ara (10mX10m) isan'andro no afafy manerana ny tanimbary mba hanamasahana azy.

➤ Aza asiana rano mivoaka ny ao antanimbary satria very miaraka amin'izany ny fanamasahana.



Rano masaka



7. SAKAFO


Ao anaty rano no ahitan'ny trondro ny sakafony arakarakaky ny fahasahan'ny rano, nefa azo atao ny mitondra fanampintsakafo mba hanatsarana ny fitombon'ny trondro sy ny vokatra.

➤ Raha masaka tsara ny tanimbary dia azo atao ny mitondra sakafo toy ny mangahazo, vary masaka, karaoty, katsaka, sns., na dia tsy tsara kalitao loatra aza ireo.

➤ Raha tsy manamasaka ianao nefa ambony ny hakitroka dia sakafo tsara kalitao misy proteina (vovon-trondro, rà, sôza) no omena. Tsara kokoa raha totoina, afangaro tsara, masahana sy mando izay vao omena ny trondro.

Ohatra ho an'ny sakafo 10 kg	Vo-voka man-gahazo	Vovo-katsaka	Am-pombo malemy	Tôr-tô sôza	Vo-voka sôza	Tôr-tô voa njo	Vovo n-trondro	Vidin y (Ar/kg)
Taharo1	1kg	2,5kg	1,5kg	5kg				2000
Taharo 2	0,5kg	2,5kg	1kg		2,5kg	2kg	1,5kg	2500

Maro ny taharon-tsakafo hafa misy fa ohatra ihany ireo.



8. FAMPYAKARANA NY VOKATRA SY FITAOVANA

Fomba roa ny fakana ny trondro :

Fandritana tanteraka : ritina ny tanimbary mba ahazoana ny trondro rehetra.

Esorina amin'ny alàlan'ny harato ao anaty tatatra fierena : tsy ritina ny tanimbary na hoe rano kely ihany no esorina mba ahazoana ny trondro ilaina. Hatao indrindra izy raha saro-drano ilay toerana kanefa tiana ho tohizana ny fiompiana aorian'ny fampiakarana trondro.



Lay : ampiasaina toy ny : (1) **karakara** mba hanakana ireo trondro mety ho tafaporitsaka mandritra ny fandritana ny tanimbary, (2) **harato** hakana ny trondro ary (3) **happa** mba hitehirizana ireo trondro mandritra ny fakana azy ary hitazomana azy ireo mba ho velona ela kokoa.

(4) **Epoizety** : azo ampiasaina mandritra ny fakana ny trondro fa indrindra handraofana ireo fahavalo mandritra ny fotoam-piompiana.

(5) **Koveta na siô** : Fitaterana akaiky. Fikirakirana ny trondro.

(6) **Mizàna na fandanjana** : ilaina mba hahalalàna ny lanjan'ny vokatra sy hamarotana azy avy eo.

